## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**19/11/2022 hatramin'ny 26/11/2022**

**- RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05

**- SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

**- H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65

**- NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95

**- AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1369-11-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ASA AMIN'NY FADIN-TSERANANANASA

# Mampiaka-peo koa ireo orinasa Transit

*Asa eny anivon'ny ladoany, na ny fadin-tseranana, mampiaka-peo koa amin'izao fotoana ireo orinasa Transit, araka ny fanambarana nataon'izy ireo:*

"Nivoaka ny 2 Aogositra 2022 teo ny Didim-pitondrana N°20071/2022 manavao ny fifehezana ho an'ny Transitaire (Commissionnaire Agréé en Douane –''CAD'', sy ireo Transit-Maison – ''TM'') ary mba ho fanatsarana ny fitantanana ny ladoany sy ny fampidiram-bolam-panjakana. Soritana avy hatrany fa lavina sy toerinay Mpandraharaha sy Mpisehatra ny voasoratra, indrindra eo amin'ny Article 15, Andalana 1 sy 2, izay mampisondrotra ho Ariary 50 000 000 ny Antoka na Caution mila harotsaka ao amin'ny Tahirim-bolam-panjakana na Trésor, raha toa ka Ar. 20 000 000 sy Ar 10.000.000 izany ankehitriny ary mbola miampy Ar. 50 000 000 toy izany koa mipetraka ho antoka eny anivon'ny Banky. Mitotaly Ar 100.000.000.

Ampatsiahivina fa ny CAD sy TM, no Mpiaramiasa voalohany amin'ny Ladoany, miara-miantoka amin'ny fampidiram-bolam-panjakana. Manampy sy manamora arak'izany ny fizotra sy fampitàna ny fifanakalozam-barotra eto an-tanindrazana, sy amin' ny maneran-tany, koa nahoana no ampiantohana vola be toy ireo?

Niaraha-niaina eran-tany ny krizy nateraky ny Covid 19, izay nampiato ary nampihena tanteraka ny fandraharahana araekonomika sy ny fidirambola teo amin'ny sehapihariana rehetra. Mbola miampy ny ateraky ny adin'i Russie sy Ukraine indray koa.

Eo andaniny, nivaoka ny didy tsy maintsy hampisondrotana ny karaman' ny mpiasa. Ny Orinasa mbola iharan'ny fanitsiana ara-ketra. Tsy lazaina intsony ny fiakatry ny ny solika sy ny vidimpiainana, amin'ny fitaovana tsy maintsy ilaina rehetra entina miasa sy misera. Sahirana sy sempotry ny trosa izay nindramina tamin'iny roa taona lasa iny ny ankabeazan'ny Orinasa. Tsy manana mangirana fa mbola tafalentika tanteraka.

Tsy misy afenina ny fahasahiranana ara-bola ho an'ny rehetra koa nahoana no mbola terena hametraka vola be hatao antoka etsy sy ery ireo Orinasa madinika tsirairay ?

Tsorina arak'izany, fa tsy afaka hanatontosa na hiatrika ireo fampiakarana petra-bola fiantoka voatondron'ny Article 15 ao amin'ny Didim-pitonrana N° 20071/2022 io ny Orinasa CAD sy TM, izay Didim-pitondrana tsy mifanaraka amin'ny zavamisy amin'ny fisehon'ny fiainam-pirenena.

Fahapotehan'ny Orinasa madinika Malagasy, no vokatra aterak'io ary orinasa izay niasa sy nanome ny tsara indrindra taminy nandritra ny 20 taona, mamelona fianakaviana maro ary mbola averina: isan'ny tompon'andraikitra voalohany mampiditra ny volam-panjakana.

Fampatsiahiana: ny Agrément ihany koa dia toy ny Permis na kara-panondro, fahazaon-dalana azo ho mandrakizay, ka tsy tokony ilaina fanavaozana. Tiana hijanona ho hambom-po ho an'ny taranaka mihitsy ny Anarana sy ny Laharan'ny Agrément, ho mariky ny fahamendrehana sy faharetana amin'ny asa vita.

Rariny sy hitsiny raha mila fanitsiana mifanaraka amin'ny tena zava-misy sy iainana eto amin'ny Firenena, ny mpampiasa sy mpiasa eto Madagasikara mba hiavotra, hivoatra ary hamokatra maharitra araky ny vinavinan'ny Filoham-pirenena.

Arak'izany dia angatahana ny fanafoanana na ny fanovana tanteraka amin'ny andininy rehetra an'io Didim- pitondrana N°20071 tamin'ny 01.08.2022 io. Ka ho soloina arak'izay tapaka amin'ny fikaonan-doha hiarahana amin'ny vondron'ny CAD sy TM ary ny ladoany. Fihaonana izay takiana manomboka amin'izao fotoan'andro izao." Niara-nanao izao fanambarana izao ny:

Groupement Professionnel des Commissionnaires Agréés en Douanes ( GPCAD ),
Groupement des Transitaires de Madagascar ( GTM ),
Association des Transitaires Professionnels des Sociétés de Madagascar ( ATPSM ),
Groupement des Opérateurs et Professionnels Transit Maison (GOPTM ).

***Aly***




*Ny seranan-tsambon'i Toamasina.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 412**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0411)

***Mitsivalana***
- Tahotra
- Rana (miv) – Ana
- Mivoaka
- Ankizy
- Aina – Taf(o)
- Otra (miv)
- Inoana

***Mitsangana***
- Tambavy
- Any
- Havanao
- Orona
- (F)ak(o) – An
- Rakitra
- Tazana (miv)
- Nofy (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 412




**Mitsivalana**

**1.** Latsain'ny ratsy nataony **2.** Ontany – Tsofoka **3.** Nifanampy **4.** Fafana (BR) **5.** Hita amin'ny biby vaventy – Mpanondro **6.** Maharitra (miv) – Matokia (miv) **7.** Tsy ara-potoana – Tapaka tsy misy farany **8.** Karazam-biby **9.** Anana somary masiaka **10.** Soloy – Tsy nanaiky

**Mitsangana**

**A.** Misaika trondro **B.** Sakoroka – Kijeja (miv) **D.** Nifampody ny mpivady **E.** Tsirin-teny Iharana – Matoanteny **F.** Manefa – Repoblika **G.** Ranomasimbe – Natsahatra (miv) **H.** Fanontaniana – Naoty **I.** Namadika ho hafa (miv) **J.** Renirano – Tovona – Bibilava (miv) **K.** Rano maloto – Kilao

### Valiny Teny mifanaraka 0411

**Mitsivalana**

**1.** Fanavotana **2.** Anosy - Ino **3.** Masina **4.** Al(a) - Dadatoa **5.** Ro - Avy - Tra (miv) **6.** Nisava (miv) - Fia **7.** Sinoa **8.** Adala (miv) - Vazo (miv) **9.** Nay - Nikasa **10.** Aomby - Atao

**Mitsangana**

**A** Famaranana **B.** Volana (miv) - Lao **D.** Nos(y) - Miasa (miv) **E.** Disadisa (miv) **F.** Vinavinany **G.** Adino **H.** Ti - Aoka **I.** Fatana (miv) - Zat(o) **J.** No - Orinasa **K.** Vata - Vao